# Savoir sans Frontières

http://www.savoir-sans-frontieres.com

# Ivonindavenona

# 2000

**Jean-Pierre Petit**



Nandika teny : Tantely RANDRIAMITANTSOA

# TAO AMIN'NY FANJAKANA IRAY TSY DIA MANAN-TANTARA LOATRA, INDRO NY ANDRIAMANJAKA GEORGES FA MIASA SAINA FATRATRA




FILIPO! FA INONA INDRAY ITY AMBOARIN'IALAHY ITY E?
MILINA IO RY DADA A, MILINA NATAO... HAMPANIDINA
HANIDINA? TOY NY VORONA VE? FA RAHA TIAN-JANAHARY HANIDINA ANIE ISIKA DIA NOHARIANY NIARAKA TAMIN'NY VOLOMBO-RONA E!
NY RAMANAVY TSY MANANA VOLOMBO-RONA NEFA IZY MAHAY MANIDINA TSARA TOY NY VORONA REHETRA IHANY. ARAKA NY FAHAFANTARAKO AZY ALOHA FA TSY HAIKO E!
MORAMORA NY MANAMBOATRA ELATRA MITOVY AMIN'NY AZY. ZAVATRA IRAY ANEFA NO TSY AMPY AMIKO : NY HERY HANETSE-HANA AZY. AHOANA RE NO HANA-TANTERAHANA IZANY FAHAGAGANA LEHIBE IZANY E?


DINIHO TSARA FA IANAO MBOLA TSY MANAMBADY ARY TSY HISY HANDOVA ITY FANJAKANA ITY. EFA MIHA-ANTITRA ANIE AHO E, ARY FANTATRAO
ENY RY DADA A, KANEFA RAHA HAMPIRAY OLON-DROA IANAO DIA TOKONY HISY ZAVATRA IRAISANA EO AMINY. NEFA NY VEHIVAVY NASEHONAO AHY TSY MISY MIERITRERITRA NY HANIDINA MIHITSY.
DIA AHOANA IZANY NY HAHAFANTARANAO IZAY ANDE-FIMANDRINAO? VEHIVAVY VORONA VE IZY SA VEHIVAVY RAMANAVY?
NISY DADARABE IRAY NILAZA TAMIKO FA VAO MI-FANENA IZAHAY DIA HO FANTATRO IZY
ADALA ITY NY ZANAKO!
MIANKIN-DOHA AMIN'NY ANGANO IZY NEFA NY FOTOANA MANDEHA IHANY
TOMPOKO, AZA MALAHELO FA TSY MAINTSY MISY ETO AMIN'NY FANJAKANA IZANY OLONA SAROBIDY TADIAVINY IZANY. MIKARAKARÀ ALIM-PANDIHIZANA AO AN-DAPA KA ASAO HANATRIKA DAHOLO IZAY VEHIVAVY MPITOVO REHETRA



ALIM-PANDIHIZANA, AA...ENY ARY, FA VEHIVAVY AMBONY FARI-PIAINANA IHANY NO HASAINTSIKA
MAZAVA HO AZY. NEFA I FILIPO TSY MIRAHARAHA NY VONINAHITRY NY PRINTSY VAVY IZANY. MBA HANAMORÀNA ZAVATRA, MANINONA RAHA ATAO IRONY FANDIHIZANA MISARON-TAVA NA BAL MASQUÈ IRONY?
HO TANTERAKA ANIE IZANY. JEREO NY FOTOANA HANAOVANA AZY DIA ASAIVO MANAPARITAKA IZANY VAOVAO IZANY IREO MPANELY HAFATRA
ENY TOMPOKO, IZAO DIA IZAO IHANY DIA LASA AHO
TAO AMIN'IO FANJAKANA IO DIA NISY RANGAHY NANAN-JANAKA VAVY. NONY MATY NY VADINY DIA NANAMBADY RAMATOA EFA NITERAKA ROA VAVY IZY. ARY DIA NODIMANDRY KOA IZY NONY AVY EO. ILAY RAMATOA, IZAY TSY NITADY AFA-TSY HARENA TAMINY, DIA LASA RENIKELY MASIAKA BE SY NAMPIJALY ILAY TOVOVAVY KELY ARY DIA NATAONY MPIASANY MIHITSY AZA IKA-LAKELY TATY AORIANA.


ROVI-DAMBA NO NITAFIANY ARY NAMPAHORIAN'ILAY RENIKELINY MAFY MIHITSY IZY. IZY NO NAMPANAOVINA IZAO RAHARAHA SAROTRA REHETRA IZAO MANDRAPAHARIVAN'NY ANDRO. NOHO IZANY DIA NAHAZATRA AZY NY NAMINDRO SY NIPETRAKA TAO ANATY LAVENONA
DIA IZAY NO ANTONY NIANTSOANA AZY HOE IVONINDAVENONA
OAY, INTY ETO MISY MPANELY HAFATRY NY MPANJAKA. INONA NO TADIAVINY?
AMPANDROSOY RE AHO TOMPOKOVAVY O, MISY HAFATRA AVY ANY AMIN'NY MPANJAKA GEORGES


NY MPANJAKA TOMPONTSIKA DIA NANIRAKA ANAY ERAN'NY FANJAKANA. AMIN'NY ANDRO FAHAFOLON'NY VOLANA AMBONY DIA TOKONY HANATRIKA ALIM-PANDIHIZANA MISARON-TAVA DAHOLO NY TOVOVAVY REHETRA TSY MISY AN-KANAVAKA. NY TOVOVAVY ... MPITOVO REHETRA.
IRETO MISY FANASANA TELO HO AN'IREO TOVOVAVY TELO ATO AN-TRANOKELINAO.
TELO? NENY A, ROA IHANY ANIE IZAHAY E!
IZAHO RE NY FAHATELONY E...
MARINA IZANY. MANAN-JO HANDEHA ANY KOA IVONINDAVENONA. IZY AZA EFA MANANA AKANJO SY SARON-TAVA KA AFAKA MAKA NY ENDRIKY NY...




NANDEHA NY FOTOANA KA TONGA IHANY ILAY ANDRO NANDRASANA. IREO MPANOMPO TAO AN-DAPA MOA DIA NANAPA-KEVITRA FA




NANAMBOARANA SARON-TAVA MANOKANA HO AZY MIHITSY IZY ROA VAVY ZANA-DRAMA-TOA SATRIA LAVA ORONA LOATRA
NAKA ENDRIKA PRINTSY VAVY IZY ROA FA SAMY NANANTENA HISINTONA NY FON'NY PRINTSY FILIPO
DIA AHOANA RY IVONONDAVENONA A, EFA IO NY FIARA. TENA TSY HANDEHA INDRY AN? NEFA METY HO BE MPIJERY TOKOA INDRY AMIN'IZAO FITA-FIAN-DRY IZAO



TSY NATAO HO AN'NY FAIKAN' OLONA NY DIHY!
TENA TSY HANDEHA HANDIHY IZANY I VONY
FELINE A, BE IZAY!
NDRY... AOKA IZAY ...


BAL MASQUÈ HOE? TSY DIA ZAVA-DEHIBE LOATRA IZANY. NEFA TSY AFAKA MAMELA ANAO HANDEHA ANY AMIN'IZAO FITAFINAO IZAO AHO. MITSANGÀNA FA HAMBOARIN-TSIKA IO.
RY MPANAVOTRA AHY!
AO HOE, RAHA HANDEHA ANY AMIN'NY MPANJAKA IANAO DIA TSY MAINTSY MANAO AKANJO TSARA SY LAFATRA
AKANJO TOHITENA LASOA, GAN-TANANA DAIM MAINTY, KITAPO VILAORY, DIA INONA KOA RE E... METY TSARA ANGAMBA IZAO KAH!




ARY ILAY FANASANA!? AHOANA NO HIDIRAKO AO AN-DAPA RAHA TSY MISY AN'INY? ANY AMIN'ILAY RENIKELIKO ILAY IZY.
HITAKO MIHITSY AZA NY MISY AZY. NATAONY TAO ANATIN'NY FISARIHAN'NY LARIMOARA KELY ILAY IZY. AO AN'EFINY AO. TOA HANANOSAROTRA NY HISARIKA AN'IZANY TAO
NA IZANY NA TSY IZANY DIA TSY NIERITRERITRA MIHITSY I MADAMA HOE HANDEHA HAMONJY ILAY ALIM-PANDIHIZANA IVONINDAVENONA. TSY MAINTSY ANGALARINA AMINY INY KARATRA FANASANA INY.
DIA AHOANA NO HIDIRAKO AN-TSOKOSOKO AO? SADY AO MIHITSY IZY IZAO ARY MIARI-TORY ALINA BE FOANA KOA ANIE IZY E.
TOKONY HALAINAO IZANY KARATRA IZANY FA TSY INY NO AKANJO ANAOVANAO REHEFA MAKA AZY. ANDRASO FA HIERITRERITRA AHO.
MiAOU!..


FA... INONA NO HANAOVAKO?
NY AKANJO HANAOVANAO DIA TOKONY HAMPANJAVONA ANAO REHEFA MAIZINA NY ANDRO.
MAHAY MANJAVONA I FELINE AMIN'NY ALINA. MANAOVA OHATRA AZY KOA.
IZAAAA...YYYY!
OH!..


TAMIM-PAHANGINANA SY NIARAKA TAMIN'INY FITAFINY INY NO NITSOFOHAN'IVONINDAVENONA TAO AN-TOHATR'ILAY TRANO MAIZINA BE
EO AMOROM-PATANA IZY. IZAO INDRINDRA ILAY FOTOANA.
?
crrrt...
IZANY INDRAY IRENY VOALAVO TSY VANONA IRENY.
INONA ITY ATAONY? ANDRIAMANITRO O, TSIA AN!


IVONINDAVENONA VE? HANDIHY? ANY AMIN'NY MPANKAJA? DIA INONA KOA NY MANARAKA?
Ah Ah...
TSY MISY HEVITRA INTSONY. EFA NODOR-ANY ILAY KARATRA FANASANA
RATSY SAINA...
NEFA AZA TAITRA IANAO FA TSY MAINTSY MISY FOANA NY VAHAOLANA.


ANAOVY ITY VOALY MAINTY ITY DIA HO TAFIDITRA AO AN-DAPA IANAO
TSY MAINTSY MAMAKIVAKY NY RINDRINA AHO IZANY!
?
TSY MAMAKIVAKY FA MISIDINA!
VOALY HAFAHAFA! DIA ATAOKO INONA ITO IZAO?
TSY AFAKA HAMPIASA AN'INY IANAO RAHA TSY MISY FITAOVANA MAHAGAGA IRAY HAFA KOA.
INONA IZANY?
IRETO KIRARO IRETO


HANAMPY ANAO HANDEHA ENY AMIN'NY HABAKABAKA IRETO KA HO AFAKA HIHOA-TRA NY RINDRINA SY HAMONJY ILAY FETY IANAO . HITONDRA ANAO HIVER-INA ATY AN-TRANO KOA IRETO FA SAINGY IZAO, HENOY TSARA
TSY MAINTSY MIALA ANY IANAO ALOHAN'NY FEON-DAKOLOSY FARANY MANONDRO FA MISASAKA NY ALINA. RAHA TSY IZANY DIA TSY HANDAITRA INTSONY NY ODY KA TSY AFAKA HITONDRA ANAO HANIDINA INTSONY INY VOALY INY.
MISAOTRA RE, RY MPIARO AHY AH!
ARY NDANA AMIN'IZAY!
ARY AZA HADINO, FEON-DAKOLOSY FAHA-ROA AMBIN' NY FOLO MISASAKALINA AN!


INDREO ENY NY JIRON'NY ROVA.
DIA AHOANA RY MPANJAKA, NANDAITRA KOSA ILAY ALIM-PANDIHIZANA AN?
ILAY ZANAKAO MATETIKA VARIMBARIANA SY VERIVERY SAINA, INDRO TSY MITSAHA-MANDIHY MIARAKA AMIN'IREO MPANDOVA BE INDRINDRA ETO AMIN'NY FANJAKANA
TOA MIRAMIRANA MARINA IZY. NEFA IZANY VE MILAZA FA TOKONY HIKARA-KARA FANDIHIZANA ISAN-KERINANDRO ATO AN-DAPA ISIKA MBA HANERENA AZY HIER-ITRERITRA ZAVATRA HAFA ANKOATRY NY HAZA SY NY FANAMBOARANA MILINA MAM-PANIDINA?
TENA MARINA FA TIANY TOKOA IZANY!


OAY, AZAFADY HOE E...
?
TSY VEHIVAVY ... MANIDINA VE INY?
INY NILA-TSAKA SY NIPETRAKA TAO AMIN'NY BOZAKA INY?
OADRAY LAITY E! TOA VEHIVAVY RAMANAVY IANAO? TSIKARI-TRAO ANGAHA NY TSIAMBARATELO MAMPANIDINA AZY?
IZAHO VE? TSY IZY AHO FA SARON-TAVA SY AKANJO FOTSINY IRETO. NANONOFY ANGAMBA IANAO TEO AM-PAHITANA NY RIVOTRA NANAINGA NY VOALIKO


NEFA ANIE AHO DIA NAHITA ANAO NITSONTSORIKA NIPETRAKA SOA AMAN-TSARA TETO AMIN'ITY BOZAKA ITY E!
NIHAZAKAZAKA FOTSINY RE AHO SADY NAMELATRA NY VOALIKO E. NNN... NANGALA-TAHAKA NY RAMANAVY TENA IZY AHO.
OADRAY! HITANY AHO. TSY MAINTSY MITADY LAINGA KELY ALOHA.
DIA MIHEVITRA VE IANAO FA IZANY NO FANONTANIANA TOKONY HIPETRAKA ATY AMIN'NY FETY ATY? TSY ALEO VE MBA ENTINAO MANDIHY AHO E?
I... IZA NY ANARANAO?
IANAO ANGAMBA NO ROBIN DES BOIS AN?
ANN... OHATROHATR'IZAY ANGAMBA


IVONINDAVENONA AMIN'IO, TSY NAHAFANTATRA AKORY HOE MIARA-MANDIHY AMIN'NY PRINTSY FILIPO IZY, KA TSY HITANY AKORY NY FANDEHAN'NY ORA.
TAMPOKA TEO....
DONG
ANDRIAMANITRA O, NY LERA!
MANINONA NY LERA?
AZAFADY FA TOKONY HANDEHA AHO. TSY MISY HATAK'ANDRO!
TSY MISY HATAK'ANDRO!!?! VAO IZAO ANIE NY FETY NO NANOMBOKA E.


TSY MAINTSY MODY FARAN'IZAY HAINGANA RE AHO E
DONG!
FA... AHOANA KOA ARY IZANY! AFAKA ASAIKO ATERIN'NY OLOKO IRAY ANIE IANAO RAHA MILA FIARA E.
HENOY ANIE AHO E! TSY MIONDRA MANKAIZA IO TOHATRA IO RAHA TSY HOE ANY AN-DAVARANGANA ANGAHA. AVY ATY AMIN'NY ILANY ATY NY VARAVARANA!?!
DONG
MBOLA TE HIHAONA AMINAO AHO. TENENO HOE AIZA NO AHAFAHAKO MAHITA ANAO. EH, MIVERENA FA TSY MITONDRA N'AIZA N'AIZA IO TOHATRA IO E!


OH!
NANJAVONA TEO IZY.
JEREO TSARA FA AMIN'ITO TANTARAN'IVONINDAVE-NONA ITO DIA TSY VERY NY KIRARONY KA AHOANA ARY NO HITADIAVAN'NY PRINTSY AZY AO AORIANA AO?
DONG!
OOO...OAY! TAFAPETRAKA IHANY AHO TALOHAN'NY HANENOAN' ILAY LAKOLOSY FARAN'NY MISASAKALINA


IZAO INDRAY DIA TSY MAINTSY HOE MIVERINA IVONINDAVENONA, ILAY TSY MISY FOTONY AHO.
ARY MBA IZA ARY INY TOVOLAHY INY? METY TSY HO FANTATRO MIHITSY IZAO IZANY
ALEO AMPIRIMINA SISA IRETO
IVONINDAVENONA A! EFA ADINY IRAY IZAY AHO NO NIANTSO ANAO. ANAOVY TAMBAVY AHO FA TSY METY MAHITA TORY.
ENY RE R'INENY A


VITSY DIA VITSY NY MARIKA HAHAFANTARANTSIKA INY TOVOVAVY NANJAVONA TAMIN'NY FOMBA MAHAGAGA INY. RAHA NY SARON-TAVANY ALOHA DIA TSY FANTATRA AKORY NA MAINTY IZY NA FOTSY E. NY HANY FANTATRA ANGAHA DIA NY HALAVANY. NEFA TSY AMPY IZANY.
TOMPOKO, RAIKI-PITIA NY ZANAKAO. KA TSY IZAY VE ILAY NOTADIAVINAO E?
ENY E, RAIKI-PITIA IZY FA... TSY FANTATRA HOE AMIN'IZA!?
AFAKA MAMPIASA NY ENDRIKY NY AKANJONY ISIKA HITADIAVANA AZY. NEFA DIA HO AVY DAHOLO IZAO SIPAKELY ERAKY NY FANJAKANA IZAO.
A-A-A. REHEFA TSY MISY HEVITRA HAFA VAO AZO ATAO IZANY
LAZAIN'I FILIPO FA MAHAY MANIDINA HONO ILAY TOVOVAVY.
NOFY ATOANDRO, TSY ARA-TSIANSA IZANY.
METY HO MARINA IZANY, NEFA IZAY IHANY NO FANTATSIKA MOMBA AZY.


INONA ARY NY HEVITRAO E? HANAO FILAZANA VE HOE : "MITADY TOVOVAVY, IRAY METATRA SY VALO AMBY ENIMPOLO, MAHAY MANIDINA"?
IZAY INDRINDRA TOMPOKO. INONA ARY NO AZO ATAO ANKOATR'IZAY?
METY HAHARITRA ELA IO FITADIAVANA IO. NA INONA NA INONA LAZAINY AO DIA TOKONY HAHARITRA ILAY AFISY, TSY METY SIMBA MIHITSY AZA
TSARA. ATAOVY TSY MISY HATAK'ANDRO ARY NY ASANAO.
ILAIKO MANDIKA ITY FILAZANA ITY DAHOLO NY MPANDIKANAO
DIDY AVY AMIN'NY MPANJAKA!
ENY ARY.
EH! NY FIFANDRAISANA AVY LAVITRA NO MARIKY NY FIVOARANA. MANANA NAMANA MARO BE ATO AMIN'NY FANJAKANA IZAHAY. NOHO IZANY DIA HANIDINA TAHAKA NY RIVOTRA NY HAFATRAO EO AM-PELATANANAY.
DIA AHOANA NY FANDEHAN'IZANY ?



FARATAMPON'NY TSIAMBARATELON'NY MIARAMILA ILAY IZY ARY AHAFAHANAY MIFANDRAY AMIN'NY ANDIANAY NA DIA MIFANALAVITRA BE AZA NY ROA TONTA
TSIAMBARATELON'NY FOLOALINDAHY?
IZAY INDRIN-DRA
NY TAMBAJOTRAN'NY TILIKAMBO FIAMBENANA NO MAMPIASA SETROKA HIFANDEFASAN-KAFATRA. MBOLA FANANDRAMANA DAHOLO ANEFA IZANY.
EH!
MINOA AHY IANAO FA NY IRAKA TOY IZAO DIA MILA OLONA MAILO. MANAN-TALENTA MANOKANA AMIN'IO IZAHAY. FIJOKOANA, FANAN-GONANA VAOVAO, FIDIRANA ANY AMIN'NY TOERANA TSY AZO ALEHA, SNS.
REHEFA MISY ZAVATRA MANAHIRANA TOY IZAO DIA ANDRAMANA DAHOLO ALOHA IZAY HITA. ITO ARY ILAY FILAZANA.
AOKA IZAO, TSY MITAZONA SORATRA IZAHAY.


VOARAY! INY AHO FA LASA
?
AAAA... MAHERY RY ZAREO KAH!


MMM.... NY GRANITA MAVOKELY ANGAMBA NO METY FA TAZAN-DAVITRA IO. ALEFA!
IZAY, APETAKA ERAN'NY FANJAKANA SISA IRETO AFISY IRETO
AO HOE, AHOANA NO HILAZANA IZANY "J" IZANY?
NANDRITR'IZAY FOTOANA IZAY DIA NITADY FAMANTARANA FOANA I FILIPO


ALEFA, AZA MIAHOTRA FA RANO KELY MIKORIANA IO VE...
RAHA MITANTARA IZAO ANY AMIN'NY MOMPERA LEHIBEKO AHO DIA HOVONOINY MIHITSY!
TOA AZO VAKIANA IHANY ILAY HAFATRA ETO AMIN'ITY TARATASY IRAY ITY. SOA IHANY AHO FA NITONDRA NY PENIKO. AVERIKO TSARAINA AMIM-PAHARETANA DAHOLO FOTSINY IREO SASANY IREO,




* NdT: JEUNE FOLLE (JEUNE FILLE) AYANT ETE VIOLEE (SACHANT VOLER)
** NdT : SACHANT JOUER DE LA VIOLE (SACHANT VOLER) ==>L'HUMOUR N'A PU ÊTRE TRADUIT


FILIBERA, NAHITA ZAVATRA ANGAHA IANAO?
TARATASY KELY MISY SORATRA HAFAHAFA
DIA AHOANA IZANY NY VOKATRY NY FIKAROHANAO?
MANDEHA IHANY ILAY IZY TOMPOKO, MANDEHA IHANY, FA TSY MAINTSY TOHIZANA


ITO VE TSY ODY RATSY?
I MERLIN IHANY NO AFAKA MAHAZO IZANY TANTARA IZANY
AH, FILIPO, EFA AN-TAONA MARO IZAY NO TSY NAHITAKO ANAO.
INONA KAY IRENY ZAVATRA ENY AMIN'NY MASONAO IRENY?
SOLOMASO NY ANARAN'ITONY MANAMPY AHY HAHITA TSARA-TSARA KOKOA IZY. MINOA AHY IANAO FA METY HITONDRA SOA BE DIA BE TOKOA NY FAHAFAHANA MANDINGANA NY TAONA MARO-MARO KA TONGA DIA MANDEHA ANY AMIN'NY HO AVY AN!


NY FOTOANA DIA TOY NY KRISTALY AHAFAHANA MIJERY ANY AMIN'NY TOERANA ROA SAMIHAFA
FA RAHA ENTINA MANKATY NY ZAVATRA AVY AMIN'NY HO AVY DIA METY HITERAKA VOKANY MAHATSIRAVINA TOKOA.
MERLIN A, NAHITA TOVOVAVY IRAY AHO ARY IZY OHATRA NY HOE AFAKA MANIDINA. AZO TANTERAHINA VE IZANY?
ANDRASO FA HASEHOKO ZAVATRA IRAY IANAO. FA AIZA INDRAY ARY NO NASIAKO AZY TEO?
FANTATRAO TSARA NY SATROK'IREO OLOMPIANGONANA MANAN-KAJA.
ARY FANTATRAO KOA FA AVY AMIN'NY TANTARA TANY ALOHA TANY NO NINDRAMANY ZAVATRA MARO. OHATRA HOE NY TEHINY IZAO DIA AVY AMIN'NY MPAMINANY ROMANA IZAY NAMPIASAINA HAHAFANTARANA NY HO AVY. ENY E, NY EVEKANTSIKA ALOHA TOA TSY NAHATAHIRY IO TALENTA IO E, ARAKA NY FAHALALAKO AZY.


MISY DIKANY DAHOLO NY ZAVATRA REHETRA. NANONTANY TENA FOANA AHO TALOHA HOE AVY AMIN'NY INONA ARY NO NAHATONGA IRENY SATROKA ANAOVANY IRENY. DIA HITAKO IHANY NY VALINY TAO ANATY BOKY MBOLA TSY VOASORATRA AMIN' IZAO FOTOANA IZAO.
INY SATROKA INY DIA MILINA MAMPANIDINA
AIZAAAA AAA!?!
IZANY E, ARY HOPOROFOIKO AMINAO IZANY.
MANDRAISA TARATASY EFA-JORO IRAY DIA AHORONY EO AMIN'NY SIAVAZORONY IZY. ATAOVY TERY TSARA KA ATOMBOHY AMIN'NY TENDRONY IRAY AMIN'ILAY MAHITSIZORO
MANDRAPAHATONGANY EO AMIN'ILAY SIAVAZORO TSARA MIHITSY.


FARAROAN'IZAY DIA AMPIFANDRAISINA NY TENDRONY ROA AMIN'ILAY IZY. ETO NO AMPIASAINA ITY ZAVA-MAHAGAGA IRAY NENTIKO AVY ANY AMIN'NY HO AVY ITO. RIBÀ MPANDRAIKITRA NA SCOTCH NO IANTSOAN-DRY ZAREO AZY.
MILA FITANDREMANA TSARA NY FANIPAZANA ILAY ZAVATRA. TAZONINA AMIN'NY RANTSAN-TANANA ROA IZY EO AMIN'NY TENDRONY AORIANA ARY "APE-TRAKA AMBONY RIVOTRA" SADY ATOSIKA MITSI-VALANA FARAN'IZAY MORA INDRINDRA.
MAHATALAN-JONA!
OHATR'IZAO



RAHA VOAKALY TSARA NY FANAMBOARANA AZY ARY ATSIPY AVY ENY AMBONY HANTSANA IZY DIA METY HO LASA LAVITRA DIA LAVITRA
IVERENANTSIKA AMIN'IZAY ILAY RESAKA TEO. REHEFA NANIDINA IZY DIA NISY AN'ITO TAFALAT-SAKA AVY ANY AMINY. TSANGA-NANA MAJIKA VE IREO? NOKAIKERIN'ILAY ALIKAKO ILAY IZY KA ASA RAHA MISY ZAVATRA AZO TSOAHINA AMINY IHANY?
TSIA, TSY TSANGANANA NA TSIPITSIPIKA MAJIKA IREO. ANY AORIANA ANY NY OLONA DIA HIANTSO AZY HOE **CODE BARRE** ARY HAFAHAFA IO KARAZAN-TSORATRA IO SATRIA RAHA MISY BANGA NY AMBONINY NA AMBANINY DIA TAFITA FOANA NY HAFATRA RAHA MBOLA EO DAHOLO IREO TSIPIKA REHETRA.
MAHAY MAMANTATRA NY TIAN'IO ODY IO HO-LAZAINA VE IANAO?
IE. FA TSY METY IZY RAHA EO IANAO. AVELAO ALOHA AHO HIDITRA AO AN'EFITRA FANAOVANA FANANDRA-MANA.


IZAO NY TIANY HOLAZAINA : DAIM MAINTY, POINTURE 34, SIVY AMIBY SIVIFOLO AMI-ZATO ARIARY. MBA MANDANY VOLA KOA IZY IZANY KOH!
SNAP!
IZAY FA HITAKO. IO NY POINTURE AN'NY KIRARONY. MISAOTRA RY MERLIN A. INY FA LASA AHO.
NDANA TADIAVO DAHOLO IZAY TOVOVAVY NANATRIKA ILAY FETY KA MANANA POINTURE 34
DIA ASAIVO ANAOVANY INDRAY IZAY KIRARO NENTINY NAMONJY FETY TATY AN-DAPA.


NONY AVY EO
JEREO FA 34 NY POINTURAKO!
INDRISY MANTSY FA TSY IRENY ILAY KIRARO TADI-AVINAY.
VARIMBARIANA KOA IO ZANAKO IO. TSY INY AKIA NY KIRARO NANAOVAN-DRY TANY A!
NY AHY KOA 34 NY POINTURE KIRAROKO


FILIPO A!
!...
IZAY VAO AZOKO. IRENY ILAY KIRARO DAIM MAINTY NANAOVAN-JANAKO TANY AMIN'NY FETY INY ALINA INY ARY NANGALARIN'ILAY TSY MISY FOTONY IO. EFA HATRAIZA HATRAIZA NO NITADIAVANAY AN'INY. AVERENO AMIN'IZAY INY IZAO DIA IZAO.


TSY LASA IZANY!
HOP! NIVADIKA ... RAMANAVY IVONINDAVENONA!
ANDRASO!


INY, INY ILAY RAMANAVIKO!
AN?
IZY NO MAHALALA NY TSIAMBARATELO HIAKARANA ANY AN-DANITRA.
ARY VONONA AHO HANAO IZAY TIANAO HANDRAMANA REHETRA
TAPITRA